COMMUNIQUE DE PRESSE

CREM - 20 Aprily 2017

Fiakambanana tsy hitadiavana na voninahitra, na vola na seza ny CREM ary mijanona eo amin'ny maha fiarahamonim-pirenena azy. Fikambanana saropiaro amin'ny fiandrianam-pirenena eo amin'ny fahazoan'ny malagasy misafidy ny fomba entina mitantana ny harem-pirenena sy ny raharahamboaka izay manana fihatraikany mivantana na an-kolaka eo amin'ny toekarem-pirenena sy ny sosialy.

Koa manoloana ny toe-java misy eto amin'ny firenena dia mahatsapa ny mpikambana ao @ ***faribolana mpandalinana ny hary sy ny fihariana ary ny toekarena eto Madagasikara [CREM]*** fa tena very fanahy mbola velona ny vahoaka Malagasy. Satria toa very anjavona ny fanantenany mahakasika ny fampandrosoana ny firenena nampanantenain'ny mpitondra firenena nifandimby nanomboka tamin'ny fahazoan'I Madagasikara ny fahaleovan-tenam-pirenena. Nanenika ny firenentsika ny Kolikoly sy ny Fanosihosena ny Teny nomena ka adino teo ny fanasoavam-bahoaka. Manginy fotsiny ny famaboana ny fananan'olona sy ny fanapotehana n fiariakarem-pirenena. Tsy mety ho fongotra ny kolikoly sy ny fanomezana vahana ny namana sy ny Havana eo amin'ny raharaham-pitanatanana ny firenena. Ary manenika ny sehatrasa rehetra ary ao anatin'izany ny fanabeazana sy ny fanofanana ny mpiasambahoaka. Be dia be ny tsikombakomba iraisam-pirenena nentina nampahantra ny malagasy izay niharahan'ny mpitondra firenena sy ireo lazaina fa mpamatsy vola ary ao anatin'izany ny fahatongavan'ireo ONG marobe eto Madagasikara. Ireo no porofo mitohoka amin'ny tendany fa tsy voasahan'ny mpitondra firenena nifandimby teto Madagasikara ny asambahoaka [services publics] nampiandraiketana azy

VOKANY : voakilasy ho firenena be kolikoly, firenena anisan'ny mahanttra eto ambonin'ny tany, ary firenena mpangataka i Madagasikara ankehitriny.

Tsy mahagaga izany vokatra izany satria be ny olona tsy manana fahaizana tonga eo amin'ny fitantanana ny raharahm-pirenena ka tsy tokony ahagaga raha tsy tambo isaiana ny gaboraraka etsy sy eroa, ny fahapotehan'ny fiariankarena madinika sy salsalany izay tsy hafaka hifaninana amin'ireo mpanafatra entana, ny fihidinan'ny fahefaha-mividin'ny vahoaka malagasy nohon'ny fanapanahn-kevitra politika tsy voahevitra ary tsy mifototra amin'ny savaravina lalina eo amin'ny vokatra haterak'izy ireny, hany ka nanomboka tamin'ny taona 1982 ka hatramin'ny

Mob: +261 34 14 034 74
Email: sg.crem@cremmadagascar.org
www.cremmadagascar.org

Département Economie Porte 405A
Faculté DEGS Ankatso
101 Antananarivo
Madagascar

anio dia mizaka ny vokatra tsy heran'ny aina naterak'ireo voatonona etsy ambony ireo ny vahoaka.

Fanampin'izany mivoaka tsy voasakan'ny mpiambina ny sisintany malagasy ireo hotrikarena tokony hamoronana harena eto amin'ny firenena.

VOKANY : mihamahantra ny firenena ka tsy mahavita ny adidy sy andraikitra eo amin'ny fampivoarana ny fiaraha-monina ny fitondrana ka mitady hirika hanazavana ny tsy fahombiazana amin'ny tsy fahampian'ny hoenti-manana. Izay koa no hany hanamarinany fa hilaina ny mpamatsy vola ivelany.

Araka ireo tarehinjavatra - voatonona sy ny sisa tsy voatanisa - mitranga eto anivon'ny fiaraha monina malagasy, dia hita mbola ho sarotra ny ahatratrarana ny magarahara sy fitantanana tsy hisy kolikoly. Ny kajy amin'ny alalan'ny antontan'isa dia maome eo ho eo amin'ny 21 lavitrisa $ USD no very an-javona nohon'ny fahadisoam-pijerin'ny mpitondra nifanesy teto Madagasikara nanomboka tamin'ny 1976. Ao anatin'izany ny fialana tamin'ny zone franc, ny fitrosana tamin'ny nanaovana ny hanamokarana maiezinezina, ny fandaniana mihoampampana nataon'ny HAT ary ny famarotana tamin'ny vidiny mora ireo fotodrafitrasa [SICE, SOMACODIS, sns], ny vokatry ny tsy fahaiza-mitantanana teo amin'ny taona 1995, ka nanomezana tombotsoa ireo mpiasam-bahoaka ireo tany sy tranom-pirenena, ny fiverenan'ny kitrano an-trano tamin'ny 1996, ny raharaha 2001, ny fitananana misarontava tamin'ny taona 2002 – 08, ka namohahana lalana ahafan'ny vahiny mahazo mividy tany eto Madagasikara, ny RNCFM, ny vary mora sy ny fanomezan-tombotsoa isan-karazany tamin'ny tetezamita, ary ny tsy fahombiaza eo amin'ny lafiny maro [kitrano antrano, kolikoly, sns] amni'izao fitondrana izao.

Tonga ny fotoana tokony hamohazana ireo rehetra ireo mba tsy hisian'ny tombo sy ala, izany dia miatomboka amin'ny fanadiadiana raharaha rehetra nampahantra ny firenena alohan'ny hanaovana ny fihavanm-pirenena. Izany no ilaina dia mba itadiavana miaraka ny vahaolana maharitra sy ***ialana amin'ny mety ho korontana sy rotaka indray*** manoloana fahantrana, ny kolikoly, ny fanamparam-pahefana, ny tsy maty manota, ny kitranohatrano sns sns mianjady amin'ny firenentsika. ***Ny fibanjinana ny ho avy tsara kokoa dia miankina indrindra amin'ny tena fitiavan-tanindrazana sy ny firaisankina amin'ireo paik'adin'ny fampandrosoana atao anio ho lovain'ireo taranaka.***

Mob: +261 34 14 034 74
Email: sg.crem@cremmadagascar.org
www.cremmadagascar.org

Département Economie Porte 405A
Faculté DEGS Ankatso
101 Antananarivo
Madagascar